Ny Valosoa sy hadihady

Raharaham-pirenena

Tsy noraharahian'ny olona ny fifidianana loholona

Tontosa omaly ny fifidianana loholona nataon'ireo mpifidy vaventy, tsy ilaina asiana resaka betsaka izay mety ho vokatr'izany satria ny kandidà rehetra dia mpikatroka ao amin'ny antoko politikan'ny eo amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Amin'ny ankapobeny dia tsy noraharahian'ny olona ity fifidianana Loholona ity na tamin'ny fampielezan-kevitra tamin'izany, na ny fifidianana natao omaly. Efa fantatra fa ho maro an'isa na ho zato isan-jaton'ny loholona dia ho IRD, satria ny ao amin'ny antoko mpanohitra sy ireo miaradia aminy dia tsy nandray anjara tamin'ity fifidianana ity (sady tsy nandrotsaka kandidà no tsy nifidy ihany koa ny mpifidy vaventy avy ao). Na izany na tsy izany dia tsy atao mahagaga intsony ireo miseho ho lalin-tsaina noho ny hafa na voavidy na matahotra ny ho soloin'ny manam-pahefana, ka maningana tsy manaraka ny fitsipi-pifehezan'ny antoko nahavoafidy azy. Izao vao tena mazava ny tetikadindRajoelina Andry raha nilaza fa ho foanana ny Antenimierandoholona. Tsy noho ny maha « budgetivore » azy fa tiany ho maro an'isa ny antokony any amin'ireo andrim-panjakana. Sivifolo ny isan'ny mpikambana tao amin'io andrim-panjakana io tamin'ny tetezamita (CST) kanefa dia navela niasa malalaka satria maro an'isa ny Mapar tao. Na teny amin'ny CT, Antenimieram-pirenena tamin'izany. Niaraha-nahalala fa nivoaka ny lapa hatrany ny mpikambana tao amin'ny antokon-dRavalomanana Marc rehefa nisy lalàna nofidiana kanefa tsy nifanaraka tamin'ny tombontsoam-bahoaka izany lalàna izany. Mitovy amin' izany no niseho tamin'ny nandaniana ny tetibolampanjakana taona 2021 farany teo. Nogejaina ny tetibolan'ny Antenimierandoholona entiny miasa amin' izao fotoana izao. Nolazain'ny minisitry ny vola sy toekarena, fa nahodina nanampiana ny mpiray Firenena tratry ny kere any atsimo ny vola. Ny teny amin'ny Antenimierampirenena kosa mirazotra amin'izany dia nomena folo miliara ariary izay nolazaina, fa tsy ampy entina mamita ny fivoriana farany amin'ity taona ity. Tsy mbola fantatra moa ny tetibola taona 2021 ho an'ity Antenimierandoholona ity kanefa dia efa manbara ny mpiserasera manohana ny fitondrana, fa "kihon-dàlana" lehibe ho an'ny Firenena ny latsabato hataon'ny mpifidy vaventy omaly. Maro anefa ny tranga manahirana ny saina satria araka ny vaovao dia misy ny mpifidy mitaky tambiny amin'ny vato harotsany izay mitovy tamin'ny fotoana nampalaza ny resaka "malette". Efa mazava ihany koa fa mizotra any amin'ny làlana tian'ny mpitondra hizoran'ny Firenena ny vokatry ny fifidianana satria na maro aza ny fanakianana sy fitoriana napetraky fikambanana maro samy hafa momba ny fandikan-dalàna nataon'ny fitondrana kanefa dia nolavin'ny fitsarana avokoa izy ireny. Tsy misy mihitsy ny fisaraham-pahefana (séparation des pouvoirs), fa manaraka fotsiny izay teny midina na baiko omen'ny filohan'ny fahefana mpanatanteraka ny fahefana mpitsara sy ny fahefana mpanao lalàna. Etsy ankilany dia tsy miraharaha izay politikam-pitantanana ny Firenena intsony ny maro an'isa amin'ny gasy fa variana sy difotra ao anatin'ny politikam-piainany manokana dia ny fitadiavana izay harapany anio, izay enti-manana amin'ny fanabeazana ny zanany sy ny fanefàna ny saran'ny jiro sy rano sy hofan-trano tsy maintsy aloa isam-bolana. Fetin'ny faran'ny taona izao dia tambatambazana amin'ny sakafo iray lovia isan'andro indray ny mponina, asa raha manerana ny Nosy no hisy izany hetsika izany na an-tanàn-dehibe ihany. Mampanontany tena ihany koa ny fahanginan'ireo ray amandreny arapanahy kanefa ondry tandremany ny ankamaroan'ireo manampahefana sy filohana Andrim-panjakana ireo. "Ny vavaka manova zavatra" kanefa raha tsy ny tsirairay no miaiky ny fahotany dia tsy hanasitrana ny taniny mihitsy Andriamanitra. Na izany na tsy izany dia tsy ny politisiana na ny fahaizany politika na ny fananany mpiaro sivily na miaramila mihitsy no mampilamina ny tany fa ny Malagasy no mbola Hendry sy tsy tia korontana kanefa "raha noana hono ny kibo mivezivezy ny fanahy", ka mety hivadika onja mahery vaika tsy hay tohaina ilay faharetampery ao aminy.

Andry Tsiavalona

Fetin'ny filoha Ravalomanana

Vavaka iraisam-pinoana no hanamarihana izany anio

Vavaka iraisam-pinoana no anisan'ny hanamarihana ny tsingerin-taona nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana anio sabotsy 12 desambra hanomboka amin'ny 1 ora tolakandro. Hiavaka izany fankalazana ny faha-71 taonany izany, fa tsy toy ny isan-taona, satria hitodika manokana any amin'ireo mpiray tanindrazana tratran'ny kere any Atsimon'ny Nosy ny tenany araka ny fanambaràna nataony tany Soavinandriana Itasy ny herinandro lasa teo. Amin'ity tsingerin-taona nahaterahany anio ity no hanoloran'ny filoha Marc Ravalomanana ny anjara birikiny ho fanampiana sy fitsinjovana ireo mpiray tanindrazana tsy manan-kohanina any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara, miampy ireo fanomezana voatsirambin'ny tanana avy amin'ireo tsara sitrapo ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny RMDM, ny olontsotra tsy ankanavaka ary ireo mpanao politika . Araka izany dia tsy hisy ny fiaraha-misakafo tahaka ny fanao isan-taona , fa hatolotry ny filoha Marc Ravalomanana ho an'ireo vahoaka tratran'ny kere any amin'ny faritra Androy sy Anôsy avokoa ny fandaniana rehetra saika hatao , sy ny fanomezana azony ao anatin'izao fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahany izao, araka ny fanambaràna efa nataon'ny birao politikan'ny antoko TIM, sy ny RMDM ny alakamisy teo, nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny QG Bel'Air Ampandrana .

Helisoa

Magro Behoririka, fanampiana ireo kere

Nanao tsy omby aloha ireo malala-tanana nandray anjara

Omaly no nifarana ilay hetsika tolo-tanana ho fanampiana ireo havana kere any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara, tetsy amin'ny Magro Behoririka, hetsika nisokatra ho an'ny olona rehetra tsy ankanavaka. Nanomboka tamin'ny sabotsy lasa teo, nitohy ny alarobia teo ary nifarana omaly, nanao tsy omby aloha ireo olontsotra, fikambanana, mpanao politika nanome izay foiny ho an'ireo havana sahirana vokatry ny fianjadian'ny haintany any amin'ny faritra Androy sy Anôsy, to tokoa ilay fitenenana Malagasy hoe: voin-kava-mahatratra tetsy amin'ny Magro Behoririka.

Anisan'ny tsy nijery fotsiny ny fahasahiranana mahazo ireo Malagasy tratry ny kere any Atsimo ny fikambanana mpanao asa soa 'Erikerika Madagasikara ', fa nitondra ny anjara birikiny nandritra ny tolo-tanana ' tiako izy ka omeko ' nokarakarain'ny tanora Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny tanora RMDM, tao amin' ny Magro Behoririka ity, izay nanomboka ny sabotsy teo. Nisy ny fanoloran'ny fikambanana Erike- rika Madagasikara vola mitentina 800000 ariary nandritra izany, mba ho fandraisan'anjaran'izy ireo. Marihina fa ity fikambanana ity dia mpanao asa soa, ka isan-taona dia manome sakafo ireo mpianatra sahirana ara-pivelomana. Amin'ity tao-na ity dia ireo ankizy mpianatra sahirana ao amin'ny EPP Analapatsy any Faradofay, faritra Anôsy miisa 800, no ho tolorana sakafo krismasy mba hamalifaliana azy ireo avy amin'ity fikambanana mpa- nao asa soa ity.

Arphine Rahelisoa nisolotena ny fikambanana Erikerika Madagasikara, nanampy ireo havana kere any Atsimo.

Helisoa

Filohan'ny tanora TIM nifandimby

Nanome tolo-tanana ho an' ireo kere any Atsimo koa

Nanome tolo-tanana ho an'ireo havana kere any Atsimon'i Madagasikara koa omaly, tetsy amin'ny Magro Behoririka, ireo filohan'ny tanora na Jeune TIM nifandimby, hatramin'ny nijoroan'ny antoko. Ireo filohan'ny Jeune TIM nifandimby ireo dia nahitana an'i Didier Rakotoarisoa, Emile Ratefinanahary, Aina Stelanony, Mamy Mamonjy Raharinavalona,… Nandritra izany, naneho fisaorana ny tanora TIM ankehitriny, izay nikarakara ny hetsika tolo-tanana teny amin'ny Magro Behoririka izy ireo. Mendrika ny hetsika toy izao araka ny fanambarana nataony. Tsy nisaotra fotsiny ihany anefa, fa nitondra ny anjara birikiny ihany koa izy ireo, ho fanampiana ny Malagasy namana izay tratry ny kere any Atsimo. Izao hetsika izao ihany koa dia ao anatin'ny fanetsehana indray na redynamisation sy fampivondronana ny hery indray amin'ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity.

Niaina

Ireo mpitarika ny Jeune TIM nifandimby, nanolotra tolotanana ho an'ny kere teny amin'ny Magro Behoririka.

TONONKALO

O I O `NDEHA HIANATRA IZAHAY

O i o `ndeha hianatra izahay !
F`ataovy mba mitafo ity sekolinay.
Ireto mpanabe , mba tena omeo karama,
Fa olo-mihinan-kanina Mose sy ry Madama!

O i o `ndeha hianatra izahay !
F`ataovy metimety ny lakilasinay.
Tsy mila rendrarendra na zava-toy izany
Fa aoka kosa re tsy hitombina amin`ny tany !

O i o `ndeha hianatra izahay !
Satria filamatray ny ho hendry sy mahay.
Fitaovanay rehetra dia entina amin`ny tanana,
Ka izarao kitapo f`izany no tsy ananana!

O i o `ndeha hianatra izahay !
Handresy ny habadoana , izay no tanjonay.
Tolory aron`akanjo dia amin`izay mba jenitra,
Ka tsy ho teny foana ilay hoe "manara-penitra"!

O i o `ndeha hianatra izahay,
Fa mba vatsio fitaovana ny mpanabe anay,
Mba hisy anie ny tsaoka sy ny solaitrabe.
Mahantra koa `zahay ka mba omeo kahie !

O i o `ndeha hianatra izahay !
Dia mba vangio matetika , tolory darazay.
Matetika izahay tsy mihinana maraina,
Ka mba jereo ihany fa maina tena maina !

O i o `ndeha hianatra izahay !
Henoy re ry mpitondra izany hiranay,
Fa mila havaozina haingana ny seha-panabeazana,
Kanefa hatreto izany tsy hita sy tsy tazana.

O i o `ndeha hianatra izahay !
`Nareo koa mba mianara , `nareo mpitondranay
Ho tonga olo-marina , ho tia manao ny tsara,
Fa tena mila izany i Madagasikara !

DADAN`i ZINA (29-11-20)